RUN MADA TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA 2022

# Norombahan'i Jaytaxx ny « Première Manche »



Ny BMW nentin'i Jaytaxx.

Norombahan-dRasolojaona Jaytaxx (n°7) avy amin'ny "Club Run Mada", nitondra ny fiara BMW M turbo ny fandresena, tamin'ny fifaninanana "Première Manche du Championnat de Madagascar des Runs 2022. Resiny teny amin' ny Batac Arivonimamo tamin'ny alahady 24 aprily 2022 lasa teo i Azuno tompondaka farany tamin'ity fifaninana ity, sy ireo mpifaninana 25 hafa niaraka taminy.
Nahavita "Record national" vaovao 10,41 sec teo amin'ny fifaninanana 400m natrehany i Jaytaxx tamin'izany, raha 10,54 ny "record" teo aloha vitan-dRafanomezantsoa Jean de Dieu "Vazaha", sy ny fiara Subaru Impreza nentiny.
Ireo vokatra teo amin'ny fifaninanana hafa natao tany Arivonimamo :
PRORUN : 1°-Randriamifidimanana Laza nitondra fiara VW Coccinelle,
SUPER RUN : 1°-Tiboule Laljy nitondra ny fiara Seat Arosa,
RUN : 1°-Ravola nitondra ny fiara Citroën AX.

**Rainilita**

CAN Côte d'Ivoire 2023

# Fantaro ireo andro hiatrehan'ny Barea fifanintsanana

Fantatra avokoa ankehitriny ireo andro hanatrehan'ny Barea an'i Madagasikara, ny dingana fifanintsanana ao amin'ny vondrona E misy azy, amin'ny fifaninanana baolina kitra Can Côte d'Ivoire 2023.
-Andro 1 - jona 2022 : Ghana # Madagasikara,
-Andro faha 2 - jona 2022 : Madagasikara # Angola,
-Andro faha 3 - septambra 2022 : Madagasikara– Centrafrique,
-Andro faha 4 - septambra 2022 : Centrafrique # Madagasikara,
-Andro faha 5 - martsa 2023 : Madagasikara–Ghana,
-Andro faha 6 - martsa 2023 : Angola - Madagasikara.
Marihana fa hatreto aloha dia mbola manjavozavo tanteraka ny mahakasika ny firafitr'ity ekipa Malagasy ity, sy izay tena hitantana marina azy na dia efa voatendrin'ny FIFA aza ny olona hitantana vonjimaika ny FMF sy handamina an'izany.

**Rainilita**



Barea an'i Madagasikara tetsy Mahamasina.

1/4-dalana Orange Pro League 2021/2022

# Nihintsana avokoa ireo ekipa vonin-dôranjy roa

Nihintsana avokoa ireo ekipa mpitondra fanamiana vonin-dôranjy roa sady "Favoris", tamin'ny fifintanana "Orange Pro League 2021/2022" manontolo dia ny Fosa Juniors Fc Boeny sy Elgeco Plus Fc Analamanga. Sisa tavela hiatrika ny lalao 1/2-dalana amin'ity fifaninanana ity, ka mitondra an'io fanamiana lôranjy io ny Cffa Analamanga miaraka amin'ny Ajesaia Bongolava.
Voka-dalao teo amin'ny 1/4-dalan'ity fifaninanana ity notontosaina tamin'ny sabotsy 23 sy alahady 24 aprily 2022 lasa teo :
Cffa Analamanga – Cosfa Analamanga (1-0),
Disciples Fc Vakinakatra – As Fanalamanga Alaotra Mangoro (1-0),
A.Dato Fc Atsimo Atsinanana – Fosa Juniors Fc Boeny ((6) 0-0 (7)),
Ny ekipan'ny A.Dato Fc Atsimo Atsinanana sy ny Cffa Analamanga andaniny ary ny Ajesaia Bongolava sy ny Disciples Fc Vakinankaratra ankilany, no hifandona amin'ny lalao manasa-dalana amin' ity «Orange Pro League 2021/2022 ».

**Rainilita**





Ny Ajesaia sy A.Dato Fc nanintsana ny "Favoris".

## Sakafo Ny Valosoa



Loha-kisoa sy tsaramaso indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo, sy vavony ary tsinay



Fomba fanalana rivotra ao amin'ny kibo, sy vavony ary tsinay indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Za vatra ilaina :
1 vera rano avy nampangotrahana, fa efa mangatsiaka.
1/2 sotro kely : bicarbonate.
2 sotro lehibe jus de citron na ranom-boasarimakirana.
Afangaro ireo dia sotroina amin'ny fotoana rehetra izay mampisy rivotra anao.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Veromanga any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Veromanga any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Veromanga ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy satria 61 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. 90 km miala an'i Maintirano no misy azy ary 30 km andrefan'i Veromanga kosa, no misy an'i Tambohorano. Maintany ihany no tongan'ny fiara any Veromanga, satria tsy mbola misy tetezana amin'ny reniranon'i Manambaho, izay miazo ny any an-toerana, ka tsy azo andehanana amin'ny fotoanan'ny asara, na fahavaratra. Noho izay antony izay, sambo avy any Tambohorano no andehanana, raha ho any Veromanga amin'ny fotoanan'ny asara. Vokatra any ny vary, sy ny haninkotrana katsaka. Mpiompy omby koa ny mponina any Veromanga, saingy mihena izany amin'izao fotoana, noho ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka halatr'omby.

